



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tenindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-84 EX

**LANONAM-PANOKAFANA NY FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-
POTOANA FAHAROAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2020**

Fivoriana Voalohany
Natao ny
- Alarobia 26 Aogositra 2020 -
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina
- Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

FOTOANA: Alarobia 26 Aogositra 2020 tamin'ny 4 ora sy 10 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2020.

- Lakolosy -

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Miarahaba antsika tonga manatrika izao fotoam-panokafana ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2020 izao.

Alohan'ny hidirana amin'ny votoatin-draharaha, mangataka fahanginana 1 minitra ho fanomezam-boninahitra ny namantsika Solombavambahoaka sy ny mpiasan'ny Antenimierampirenena lavon'ny valan'aretina "Coronavirus".

- Iray minitra fahanginana -

langaviana ny Mpitantsoratra, mba hamaky ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana laharana faha-2020-998 tamin'ny 20 Aogositra 2020 miantso izao fivoriana tsy ara-potoanan'ny Antenimierampirenena izao.

- 2 -

- Famakiana ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana laharana faha-2020-998 -

Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

Andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana:

Mivory tsy ara-potoana araka ny lahadinika voafaritra ny Antenimierampirenena noho ny fitarihan'ny Praiminisitra na noho ny fangatahan'ny antsasamanilan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena araka ny didim-panjakana noraisin'ny Filohan'ny Repoblika teo amin'ny Filankevitry ny Minisitra.

Tsy mihoatra ny roa ambin'ny folo andro ny faharetan'ny fotoam-pivoriana; na izany aza anefa, raha vantany vao tapitra ny lahadinika izay niantsoana ny Antenimierampirenena dia faranana amin'ny alalan'ny Didim-panjakana ny fivoriana.

Didim-panjakana laharana faha-2020-998 «portant convocation du Parlement en session extraordinaire».

LE PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE,

Vu la Constitution, notamment en ses articles 76, 85 et 96

Vu le décret n°2019-1407 du 19 juillet 2019 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement;

Vu le décret n°2019-070 du 29 janvier 2020 modifié par les décrets n°2020-597 du 4 juin 2020 et n°2020-997 du 20 août 2020, portant nomination des membres du Gouvernement;

Sur proposition du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,
En Conseil des Ministres,

DECRETE:

Article premier.- En application des dispositions des articles 76 et 85 de la Constitution, le Parlement est convoqué en session extraordinaire pour compter du mercredi 26 août 2020.

Article 2.- La durée de la session extraordinaire ne peut excéder douze (12) jours.

Article 3.- L'ordre du jour de la session extraordinaire concerne la convocation de la réunion de la Commission Mixte Paritaire en vue de l'adoption définitive du Projet de Loi n°001/2020 du 26 février 2020 conformément aux dispositions de l'article 96 de la Constitution.

Article 4.- En raison de l'urgence et conformément aux dispositions des articles 4 et 6 alinéa 2 de l'ordonnance n°62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, le présent décret entre immédiatement en vigueur dès sa publication par voie radiodiffusée ou télévisée, indépendamment de son insertion au journal officiel de la République.

Article 5.- Le Ministre de l'Economie et des Finances, le Ministre de l'Intérieur et de la Décentralisation et le Ministre de la Communication et de la Culture sont chargés, chacun en ce qui le concerne de l'exécution du présent décret qui sera enregistré et publié au Journal Officiel de la République.

Fait à Antananarivo, le 20 Août 2020

Par le Président de la République,

Andry RAJOELINA

- Kabary nataon-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -

Ramatoa FILOHA

Misaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra namaky izay andinin-dalàna izay.

Andriamatoa Ministry ny Atitany solotenan'Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta;

Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierandoholona;

Andriamatoa Filoha Lefitry ny Komitin'ny Fampihavanana Malagasy;

Andriamatoa solotenan'Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Mahaleotena Misahana ny Fifidianana;

Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna;

Ramatoa solotenan'ny Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena miahly ny Zon'olombelona,

Andriamatoa sy Ramatoa mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena,

Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara;

Ianareo manam-boninahitra Sivily sy Miaramila;

Ianareo mpandraharaha namana ato amin'ny Antenimierampirenena;

Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Somebiseby ny an-tanàna, manakoako ny feon'ny fahazotoana fa hanomboka hiatrik'asa daholo amin'izay ny maro. Madiva hisava ankehitriny ny ando nanakana ny lalana tsy hiroso dia ny resaka ara-pahasalamana izany, ka dodona avokoa ny olona vonon-kiasa rehetra handray ny adidy aman'andraikiny. Tsy diso anjara ary mijoro ho mpitarika amin'izany ny Antenimierampirenena, ka porofoiny amin'izao fahavononany izao fa antsoina andro dia andro; antsoina alina dia alina, rehefa asa ho an'ny firenena. Izany rehetra izany anefa no atrehina ankehitriny dia tao indrindra indrindra Andriamanitra Tompo, niahy sy nandrindra ny lalan'ity firenena ity hatrany. Koa isaorana mandrakariva Andriamanitra amin'ny fandaharany sy ny antoka amin'ny fanatontosana ny asa hatrehina eto hatramin'ny farany.

Anterina ny arahaba, Tompokolahy sy Tompokovavy sy ny fisaorana anareo rehetra vahiny manan-kaja manotrana anay amin'izao fotoam-panokafana izao.

Ankasitrahana, Tompoko, ianareo fa voninahitra lehibe ho anay tokoa izao ary sitraka entina mifaly.

Ianareo Solombavambahoaka dia toy ny sakaiza mahatoky, ka hita ho namana hatrany na maina na mando ny andro; tonga mavitrika mandrakariva ianareo ary rehefa misy ny antso dia tsy mihambahamba fa tonga mamaly, ka mahavelom-bolo ny toy izany satria azo antoka fa ho efa ity asa niantsoana ity rehefa misy toy izao ny fahavononana.

Araka ny didim-panjakana nampiantso izao fotoam-pivoriana izao, eny tokoa hanatanteraka ny andininy faha-96 ao amin'ny Lalàmpanorenana isika, satria tsy nitovy hevitra hatramin'ny farany ny Antenimiera roa tonta tamin'ny fandanianana ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020. Hisy ny fananganana ny "Commission" iarahan'ny Antenimiera roa tonta.

Noho izany, fahaiza-miady hevitra sy ny fahaiza-mandresy lahatra no tena takiana amin'izany, koa manainga ny Solombavambahoaka hamoaka ny tena fahaiza-manaony sy hiaro hatramin'ny farany ny hevim-pampandrosoana izay nifanaovana velirano tamin'ny vahoaka mpifidy. Io volavolan-dalàna io dia ahitana Hitsivolana miisa 3; ny voalohany dia ny lalàna mifehy ny fifidianana sy ny fitsapakevi-bahoaka; ny faharoa, ny lalàna fehizoro mikasika ny fampandehanan-draharaha eo anivon'ny Antenimierandoholona, ny fifidiana sy ny fanendrena ireo mpikambana ao amin'ny Antenimierandoholona ary ny fahatelo dia ny lalàna mifehy ny harena ankibon'ny tany.

Tsara homarihana fa araka ny maha fotoam-pivoriana tsy ara-potoana azy, izay voafetra tsy hihoatra ny 12 andro, ka izay voalazan'ny lahadinika niantsoana ihany no azontsika dinihana sy andraisana fanapahan-kevitra; ny ankoatran'izay kosa, miandry aloha. Raha sitrapon'Andriamanitra ka vita aloha ny asa dia azo faranana avy hatrany ny fivoriana mba ahazoan'ny Solombavambahoaka manohy ny asany any amin'ny Distrika nahavoafidy azy avy.

Toy izay amin'ny ankapobeny ny asa miandry ny Solombavambahoaka sy ny fizotran'ny fandaharam-potoana, koa ny faniriantsika dia hahita fahombiazana amin'ny asa ataon'ny "commission" roa tonta izay hatsangana isika.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Raha eo amin'ny raharaham-pirenena kosa dia anterina eto ny fiarahabana manokana avy amin'ny Antenimierampirenena ho an'ireo mpikambana vaovao tonga hanatevin-daharana ny Governemanta; mitsodrano sy mirary soa azy efatra mianadahy ny Antenimierampirenena hahaleo hahasana, hahavita be sy hahomby amin'ny fanatanterahana ny fanamby araka ny fandaharan'asa ankapoben'ny fitondram-panjakana miankina amin'ny vina napetraky ny Filohampirenena.

Eto izahay dia maneho ny hafalianay noho ny fisian'ny olona avy ato amin'ny Antenimierampirenena ho mpikambana vaovao amin'io Governemanta io; tsy iza izany fa Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritanin'i Toamasina, voatendry ho Minisitry ny Mponina. Raha ny firafitry ny Governemanta amin'ny ankapobeny dia nihena ny isan'ny Solombavambahoaka raha oharina amin'ny teo aloha kanefa ny nantenaina dia hitombo hihoatran'ny roa aza ny Minisitry handrafitra ny Governemanta.

Ny fisian'ny Solombavambahoaka ao anatin'ny Governemanta mantsy dia mba ho taratry ny vondrona maro an'isa eto amin'ny firenena. Manamafy ny maha ara-drarin'ny sy ankatoavina eo anatrehan'ny vahoaka izany Governemanta izany. Io dia hitarika fahamarinan-toerana mba ahafahana mifantoka bebe kokoa amin'ny asa fampandrosoana ary ho antoky ny fankasitrahana ny vahoaka satria miainga avy any amin'ny vahoaka izany Solombavambahoaka lasa mpikambana ao amin'ny Governemanta izany. Mino sy manantena ary matoky izahay, fa amin'ny fanovàna indray ny Governemanta aorian'ny "évaluation" izay hisy amin'ny manaraka dia mbola ho hita taratra ao koa ny fisian'ny Solombavambahoaka lasa ho mpikambana ao anatin'izany Governemanta izany.

Eo amin'ny raharaham-pirenena ihany, araka ny natsipiko teny ampiandohana, isaorana Andriamanitra fa madiva hiravona amin'izay ity olana ara-pahasalamana ity. Ny ady kosa dia mbola mitohy ary mila mailo hatrany ny tsirairay. Ny fivezivezena, ny fitangoronana, ny aro vava-orona, ny fanasan-tànana sy ny fepetra fiarovana ara-pahasalamana rehetra dia tokony hotandrovana sy hajaina mandrakariva.

Eto izahay dia misaotra ny Filohampirenena, Andriamatoa Andry Nirina RAJOELINA, mpitari-tafika mahay. Matoa voafehy ny valan'aretina ary ho fanamarinana izany dia voalaza fa anisan'ny Filohampirenena 5 mahomby aty amin'ny Kaontinanta Afrikana, Andriamatoa Filoha Andry Nirina RAJOELINA. Mitombo isan'andro ny sitrana ary nihena torak'izany koa ny maty; eny tsy misy mihitsy aza matetika tao ho ato; na izany aza, miondrika ampanajana amin'ireo namoy ny ainy noho ity valan'aretina ity izahay. Arahabaina koa ireo sitrana soa aman-tsara ary anisan'izany, tsy hadinoina ny Solombavambahoaka namana sy mpiasa teto anivon'ny Antenimierampirenena izay tsy azo afenina, fa nisy tokoa no tratran'izany valan'aretina izany tamin'ity Andrimpajakana ity.

Raha eo amin'ny fiatrehana ity valan'aretina ity ihany dia isaorana eto ny tomponandraikitra nanome ny tatitra, naneho ny mangarahara izay notakian'ny maro momba ny nampiasana ny vola sy ny nitantanana azy satria hita sy tsapa ankehitriny ny nampiasana antsakany sy andavany ny vola teo am-pelan-tànana izay nahafahan'ny vahoaka niatrika ny olana ara-pahasalamana, indrindra teo amin'ny lafiny sosialim-bahoaka, toy ny tosika fameno, ny vatsy tsinjo ary ny farany teo aza, ny fiahiana ireo nanana olana arak'asa tamin'ny tsinjo fameno; tosika fameno, vatsy tsinjo, tsinjo fameno. Tsy ho an'ny Faritra na Renivohitra ihany, Antananarivo no tiana lazaina, fa tokony hisitraka izany koa ny Faritra rehetra eto Madagasikara.

Ho an'ny fanarenana ara-toekarena sy ny fiatrehana ny lafim-piainana andavan'andro kosa dia heverina fa tena fotoana hampiharana izay drafitra efa voavolavola amin'izao fotoana izao. Eto izahay dia mandroso sosokevitra ho anareo Mpanatanteraka mba hirosoana amin'izay amin'ny fiatrehana sy fitrandrahana ny harenan'ity firenena ity. Tokony hampiana sy hotsinjoovina manokana koa ireo tantsaha mpamokatra sy mpiompy, fa tsy maintsy mitodika amin'izany ny seha-pihariana ifaharan'ny toekarena manomboka amin'izao. Fotoana hanomezan'aina vao ny toekarem-pirenena sy ny seha-pihariana ary betsaka ny fanantenana na teo aza ny olana ara-pahasalamana.

Isaorana ny fitondram-panjakana fa na teo aza ny fiatrehana tsy niato ny fahamehana ara-pahasalamana dia hainy ny naka lesona sy nandray fepetra avy hatrany hanatsarana ny ho avy sy hitondra fanavaozana amin'ny sehatra maro. Ohatra amin'izany, ny firosoana amin'ny "digitalisation" eny anivon'ny Fokontany, ny fampitaovana ireo toeram-pitsaboana maro sy ny sisa...

Eto izahay dia mankahery anareo mpikambana ao amin'ny Governemanta mba hiroso amin'ny fanarenana sy fanavaozana tanteraka ary mamporisika anareo hatrany mbola hanohy ny asa efa nataonareo.

Manoloana izay indrindra, atsidika eto ny resaka CLD isaky ny Distrika sy ny Solombavambahoaka hampiasa izany vola izany. Ho avy tsy ho ela tokoa mantsy ny fandinihana ny LFI amin'ny taona manaraka.

Koa manantena izahay amin'ny fampitomboana azy mba ahafahan'ny Solombavambahoaka mandray anjara amin'ny fanatanterahana ny vina sy ny veliranon'ny Filohampirenena. Hitondra soa ho an'ny firenena avokoa izany rehetra izany, fa tsy aingitraingitra akory anie, indrindra mba ahafahan'ny vahoaka mankasitraka sy hipaka any ifotony ny asa fampandrosoana izay nanaovan'ny Solombavambahoaka fanekena tamin'ny vahoaka nifidy azy.

- Tehaka -

Manarak'izany, tsy eto Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fa raha nanao tatitra teto izy mikasika ny totalim-bola voarain'ny fitondrana tamin'izao fahamehana ara-pahasalamana izao, raha vao nanomboka ity krizy ity dia nanao ny tatitra tamin'ny Birao Maharitra sy ny Lehiben'ny Vaomieran'ny Vola sy ny sosialy ary ny Fahasalamana izy. Tamin'izay dia nisy fanambarana nataony sady voasoratra hoe: ho an'ny Solombavambahoaka, aorian'ny krizy dia hisy famatsiana fitaovana hahafahan'ny Solombavambahoaka hanatanteraka ny asany. Samy mahafantatra ny tohin'izay isika rehetra.

- Tehaka -

Misaotra anareo mpikambana ao amin'ny Governemanta sahady izahay mikasika io fangatahana io, satria tsapanay fa misy ny fifampihainoana eo amintsika ary nisy hatrany ny fihezahana hampirindra ny fiaraha-miasa mba tsy ho diso fanantenana izahay Solombavambahoaka. Ianareo rahateo miasa ary tena miasa; isaorana koa ianareo amin'izay lafiny izay.

Eo amin'ny lafiny fanapariaham-pahefana kosa, nisy ny fanavaozana tamin'ny alalan'ny fanoloana ireo Lehiben'ny Distrika sasantsasany izay niteraka aingavao teo anatrehan'ny fitantanana ny raharaham-panjakana eny ifotony. Mbola betsaka anefa ny asa miandry mikasika azy io; koa mamporisika anareo hatrany izahay mba hiroso bebe kokoa. Mampahatsiahy anareo koa izahay Solombavambahoaka, fa tokony hahafantatra ny toetany ny tomponandraikitra alohan'ny hanendrena ny Lehiben'ny Distrika.

- Tehaka -

Ho an'ny vahoaka Malagasy kosa, ambony moraly hoy ny filazan'ny mpanakanto, mbola betsaka ny fanantenana; aoka tsy ho kivy fa hatanjaka ny saina satria hiara-mientana isika izao hanomana fiainam-baovao tao ambadiky ny omaly ary homba antsika mandrakariva anie ny Tompo amin'izany.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Ny faran'ny omby, hono hena, fa ny faran'ny tarogna dia saotra. Satry foana ny hikorana saingy ny fotoana tsy azo ivalaparana. Koa eto ampamaranana dia tsy hay atao ny tsy hisaotra manokana an'Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta, ny Minisitry ny Atitany, ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola noho ny fanampiana ny Antenimierampirenena hampiasa indray ity toerana eto amin'ny CCI-Ivato ity mba iatrehana izao fotoam-pivoariana izao.

Noho ny fepetra ateraky ny fahamehana ara-pahasalamana dia mamerina ny fisaorana anareo rehetra izahay; ao ny vahiny manan-kaja tonga manotrana etoana, indreo koa eo ianareo Solombavambahoaka namana mpiara-miasa atrehi-mahefa, iambohoana mahavita, tsy atoro voanjo hadiana amin'ny asa miandry, zanak'omby tsy ampianarin-domano amin'ny adihevitra sy ny fifandresen-dahatra. Tonga amin'ny ilàna anareo mihitsy ity lahadinika niantsoana antsika ity, koa aseho ny maha izy anareo fa raharaha goavana no hatrehina. Koa mankahery Tompokolahy, manainga Tompokovavy, amin'ny fahazotoana hiatrika ity fotoam-pivoriana tsy ara-potoana ity. Betsaka amintsika Solombavambahoaka mantsy tamin'ny faran'ny herinandro teo; na dia tamin'ny afak'omaly aza, mbola nidina namonjy ny toerana nahavoafidy azy. Noho ny antony arak'asa; koa miangavy anareo ny tenako mba hitodi-doha hiverina eto Tsimbazaza sy etỳ amin'ny CCI-Ivato satria zava-dehibe ny fahamaroantsika hiatrika izao fotoam-pivoriana izao. Ireo milaza fa tsy ho afaka hanatrika noho ny fahasarotan'ny lalana dia handray fanapahan-kevitra ny Birao Maharitra mikasika ny hahatongavan'ireo namana.

Koa izay no lava, izay no fohy, Tompokolahy sy Tompokovavy fa mankasitraka sy mankatelina ny fahatongavantsika rehetra.

Ambarako fa misokatra ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoanan'ny Antenimierampirenena.

- 4 -

- Fiatoan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Mialohan'ny hiatoan'ny fivoriana, tiako ny mampahafantatra antsika, fa rahampitso Alakamisy 27 Aogositra 2020, amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny fivorian'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ary amin'ny 11 ora, maraina, fivorian'ny "Conférence des Présidents" handinika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena amin'ity fotoam-pivoriana tsy ara-potoana ity. Amin'ny 3 ora, tolak'andro, kosa fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra mikasika izany volavolam-pandaharam-potoana izany.

Marihana fa atao etỳ amin'ny CCI-Ivato avokoa ireo fivoriana rahampitso ireo. Ankoatr'izay, efa nivoaka ny Akon'ny Antenimierampirenena laharana faha-12, efa nozaraina tamintsika teo izany; koa miangavy ny tsirairay mba hamaky azy ary hitondra fanatsarana amin'ny laharana manaraka raha ilaina.

Miato hatreo ny fivoriansika; koa misaotra Tompokolahy; mankasitraka Tompokovavy.

Niato tamin'ny 4 ora sy 40 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

- Lakolosy -



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona